

[Hafatra Fiaraha-miory sy Fiombonam-po ho an'ny governemanta sy ny vahoaka malagasy avy amin'ny masoivoho HIGUCHI Yoshihiro]

Antananarivo, 20 may 2020

Amin'ny anaran'ny governemanta japone, sy ny vahoaka japone, ary ny tenako manokana no hanehoako fiaraha-miory amin'ny governemanta Malagasy sy ny vahoaka Malagasy, manoloana ireo trangana fahatesana voalohany nateraky ny Covid-19 teto Madagasikara, izay nahakasika lehilahy mpiasan'ny hopitaly tao Toamasina, sy teratany filipiana mpiasan'Ambatovy ny asabotsy 16 sy ny alatsinainy 18 may 2020. Amin'izany dia mampita ny fampiononana feno ho an'ny fianakaviana sy ireo akaikin'ireo maty ny tenako.

Anatin'izao fotoan-tsarotra izao, dia midera manokana izahay ireo fepetra rehetra noraisin'ny fanjakana Malagasy, teo ambanin'ny fitarihan'Andriamatoa RAJOELINA Andry, Filohan'ny Repoblika an'i Madagasikara sy ny fandraisan'andraikitr'ireo Ministra rehetra, entina hiatrehana ity valanaretina Covid-19 ity.

Koa satria mitovy tolona i Madagasikara sy I Japon anatin'izao ady atao amin'ity tsimok'aretina izay mampikaikaika izao tontolo izao ity, dia tiako ny maneho ny firaisan-kinan'ny governemanta japone sy ny vahoaka japone amin'ny governamanta malagasy sy ny vahoaka malagasy rehetra, mba ahatsinjovantsika miaraka ny fiverenana amin'ny fizotry ny fiainana araka ny tokony ho izy farak'izay aingana.

Amin'izao fotoana mangidy izao ihany koa, dia manantitra hatrany izahay ny fanohanana'i Japon tanteraka ny governemanta sy ny vahoaka malagasy eo amin'ny sehatry ny fiaraha-miasa ho amin'ny fampandrosoana ara-toekarena sy sosialy, ary manantena fa afaka hohoatra tsy ho ela ny fahasahiranana rehetra aterak'ity valanaretina Covid-19 ity anie i Madagasikara.

HIGUCHI Yoshihiro
Masoivohon'i Japon eto Madagasikara